NY TENY FIAINANA

"Avy aminao ny harena sy ny voninahitra, ary Hianao no manjaka amin'izao rehetra izao; eo an-tananao ny hery sy ny tanjaka, ka eo an-tananao koa ny mampahalehibe sy ny mampahatanjaka izao rehetra izao."

I Tantara 29:12

VALANARETINA CORONAVIRUS

1 namoy ny ainy, 433 ireo marary mbola tsaboina manerana ny Nosy

Araka ny tarehi-marika navoakan'ny CCO covid 19 eny Ivato ny faran'ny herinandro teo, tarehi-marika ny 14 - 18 novambra teo, olona 1 no namoy ny ainy tamin'izany, 433 ireo marary mbola manaraka fitsaboana manerana ny Nosy. Arak'io tarehi-marika io, nahitana olona 31 vaovao mitondra ny tsimok'aretina: Analamanga 6, Atsinanana 3, Matsiatra Ambony 13, Vatovavy Fitovinany 1, Boeny 2, Sava 1, Diana 5. Nisy olona 65 no sitrana tamin'io fotoana io: Analamanga 19, Atsinanana 1, Alaotra Mangoro 17, Matsiatra Ambony 3, Ihorombe 1, Atsimo Andrefana 7, Sava 7, Diana 10. Ilay olona iray namono ny ainy dia tany amin'ny faritra Diana. 93 734 ny totalin'ny fitilina vita nanomboka ny 19 Martsa hatramin'ny faran' ny herinandro teo. Arak' izany, mitotaly 17341 ny isan'ireo mitondra covid-19 eto Madagasikara hatramin'ny nisian'ny valanaretina. Mitotaly 16657 ny isan'ny olona sitrana eto Madagasikara amin' izao fotoana. Mitotaly 251 no maty hatreto.

Stefa

Ny tarehi-marika ny faran'ny herinandro teo, mahakasika ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara.

Morondava

Hanatanteraka ny fifaninanana Bengy Beach andiany voalohany

Ho tanterhana any Morondava faritra Menabe ato ho ato ny fifaninanana Bengy Beach andiany voalohany. Noho izay antony izay, ny mpikarakara dia manambara amin'ny fokontany, na kartie ao Morondava sy ny manodidina ny mahakasika izay. Ireo fokontany rehetra maniry handray anjara amin'izany "grand tournoi Bengy Beach 1ère edition izany dia tokony hivory miaraka amin'ny mpikarakara. Ny fifaninanana dia hahitana taranja Beach soccer lahy sy vavy, rugby beach lahy, volley beach lahy sy vavy, ary kilalao maro samy hafa. Ny fivoriana fanomanana dia hatao ao amin'Andriamatoa Teransile ao Nosikely (en face Hotel Nofy Be), ny alarobia ho avy izao amin'ny 4 ora tolakandro. Tsara ho marihina fa izay tsy tonga mivory dia tsy ho raisina handray anjara amin'io tournoi io. Ekipa iray isaky ny fokontany ihany no ho raisina handray anjara. Izay mbola mila fanampiam-panazavana dia afaka miantso ny: 0346942327 (prezidà Andritiana); 0348740369 (Andriamatoa Nonoh).

Lita

Lalao amin'ny tora-pasika, anisan'ny ankafizin'i Morondava.

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Matanjaka ny antoko TIM matoa atahorana

Samira Alida : zah mino fa mbola matajaka ny antoko Tim matoa atahorana andriamatoa Andry Nirina Rajoelina. Mba mahalalà menatra, fa filoham- pirenena zao lasa manenjika indray fa tsy enjehina!fa ahoana marina é!zah maka an'i Dada sy Rina hatramin'ny farany! Ho ela velona anie ny antoko Tim!

Pie Bavarde Pretty : ZANY MIHITSY, HO ELA VELONA ANIE NY TIM EEEE, sady Dada mbola ao tsara mihitsy, na efa manan-jafikely aza an, mbola vao mainka aza miha-tanora! bravo Dada !!bravo Rina! Bravo Tim!!!!

Sylv Mtsu : zah maka anareo foana ! Président national sy SG ny antoko TIM.

Tiana Ralaihaja : fa za mbola tsy niova, mbola TIM, mbol Dada foana!

Mitia Jenny : Tim anie matanjaka, fa niniana kosehina fa tsy mety voakosoka e. satria lehilahy mahery ilay lohany mpitarika azy e!

Marie Bernadette Raharisoa : TIM Forever, team dynamic !

Mamaline Nenifara : OK DADA hiany e! ok TIM ihany e!

Hanitra Randria : ok Dada ihany, Dada hatrany.

Harintsoa Annah : Dada ihany e, TIM ihany miaraka amin'ny RMDM koa!

Felaniaina Tantelisoa : aleo Dada ihany e !

Tinarivo Rafetraniaina : OK, TIM vonona haka fahefana miaraka amin'ny RMDM sy ny Vondrona Panorama ary ny mpanohitra hafa…

Norotiana Rakotobary : ok TIM forever, TIM foana foana e !

Didine Fine : le dada ka !

Clarisse Jean : tsika tsy miala @ Dada zany. Mbola vonona hiverina amin'ny fitondrana izy sy ny mpiara-dia aminy.

Hari'njaka Fana : tena latsaka an-katerena ny firenena, fa tsy mahalala ny mahasoa ny vahoaka ny mpitondra am zao, variana manao bizna Cvo nefa ny firenena mitontongana, tsy mahalala akory ahoana no hanarenana ny firenena fa variana am Building sy Tanamasoandro, nefa ny vahoaka tsy hisitraka an'ireny akory.

Andry Lalaina Randrianantoanina : ok mlay Dada sy Rina, mlay avoko nareo mpitarika rehetra e!

Velain Velo : OK Dada, roso ny dia.

Tahiry Andriamamonjy : zay Tim forever, TIM foana na voky na noana e !

Anthony Hanta : mazava be! Anakaramàna olona mintsy hanaratsy an-dRa8 isan'andro isan'andro vaky izao ato @ fb.

Marcel Randriamaromisaina : Dada foana, izy ihany no tena manana vina tena hanarenana haingana an'i Madagasikara.

Nicole Andriamarosoa : ny tahotra no b indrindra ho an-dRajoelina sy ny forongony.

Randrianatoandro Jean Claude : ny tahotra koa no tsy ahasahiany mitroatra.

Yvane Sanders Rabesandry : mbola henjana ny TIM eh, Dada koa mbola henjana... Efa manomboka misandratra amin'ny politika koa Rina: SG.

Barthelemy Ravoavison : tahotra ny TIM sy ny filoha Ravalomanana vokoa ny fanakatonana ny orinasa AAA, ny fandrodanana ny orinasa Tiko tany Toamasina, ny fikasana hanakatona ny haino amanjery MBS eny Anosipatrana,…

Carl Tsisandaina : Ravalo sy ny TIM avao tena hitondra développement eto Madagasikara, hi-appliquer ny tena decentralisation effective. Tamin'ny fitondrany no efa nitsinjarana ny Province 6 ho 22 Régions.

Hassim Abdou : le pouvoir Rajoelina a peur du TIM, de l'opposition en générale. Matahotsy an-dRavalomanana Rajoelina, hita mibaribary amin'ny raha maro zany.

Juslain Raharimanantsoa : tsy ny fitiavana fa ny tahotra no lehibe indrindra, ho an-dRajoelina mpanongam-panjakana sy ny namany, mpanongam-panjakana izy ireo dia tena matahotra mafy koa ny haongan'ny olona.

Roberto Rasamy : tany Afrika Atsimo aza ny filoha Marc Ravalomanana natahoran-dRajoelina sy ny forongony fatratra, koa mainka fa izy eto an-tanindrazana izao. Tena mifori-drambo aminy mihitsy izao fitondrana misy izao.

Tongalaza Ratsitohaina : marina mihitsy izany, tena mifori-drambo amin'i Dada sy ny mpanohitra mihitsy izao fitondrana Rajoelina izao.

Pascal Rasedisaona : tokony hivonona handray hatrany ny fitondrana ny TIM sy ny mpanohitra, fa hivadika tsy ho ela io rasa io.